



MINISTERE DE L'AGRICULTURE ET DE L'ELEVAGE

----- DECRET N° 2018-894

portant basculement du mode de rémunération du personnel de l'Ivotoerana Famongorana ny Valala eto Madagasikara (IFVM) de la grille salariale aux grilles indiciaires.

LE PREMIER MINISTRE, CHEF DU GOUVERNEMENT,

- Vu la Constitution ;
 - Vu la loi organique n°2004-007 du 26 juillet 2004 sur les lois de finances ;
 - Vu la loi organique n°2004-036 du 01^{er} octobre 2004 relative à l'organisation, aux attributions, au fonctionnement et à la procédure applicable devant la Cour Suprême et les trois Cours la composant ;
 - Vu la loi n°94-025 du 17 novembre 1994 relative au statut général des agents non encadrés de l'Etat ;
 - Vu la loi n°98-031 du 20 janvier 1998 portant définition des Etablissements Publics et des règles concernant la création de catégories des Etablissements Publics ;
 - Vu la loi n°2003-044 du 28 juillet 2004 portant Code du Travail ;
 - Vu la loi n°2003-011 du 03 septembre 2003 portant statut général des Fonctionnaires ;
 - Vu le décret n°64-213 du 27 mai 1964 portant réglementation des conditions d'emploi par les collectivités et organismes publics des personnels soumis à la réglementation générale du travail ;
 - Vu décret n°79-364 du 22 décembre 1979 fixant les grilles indiciaires de traitement des corps de fonctionnaires et ses textes subséquents ;
 - Vu le décret 99-335 du 05 mai 1999 définissant le statut type des Etablissements Publics Nationaux ;
 - Vu le décret n°2016-659 du 07 juin 2016 fixant les attributions du Ministère de la Fonction Publique, de la Réforme de l'Administration du Travail et des Lois sociales ainsi que l'organisation générale de son Ministère ;
 - Vu le décret n°2017-064 du 31 janvier 2017 portant création et organisation du centre de lutte Antiacridienne de Madagascar « Ivotoerana Famongorana ny Valala eto Madagasikara » ou IFVM ;
 - Vu le décret n°2017-121 du 21 Février 2017 fixant les attributions du Ministère des Finances et du Budget ainsi que l'organisation générale de son Ministère ;
 - Vu le décret n°2018-529 du 04 juin 2018 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement ;
 - Vu le décret n°2018-540 du 11 juin 2018 portant nomination des membres du Gouvernement ;
 - Vu le décret n°2018-544 du 14 juin 2018 fixant les attributions du Ministre de l'Agriculture et de l'Elevage, ainsi que l'organisation générale de son Ministère ;
- Sur proposition du Ministre de l'Agriculture et de l'Elevage ;
En Conseil du Gouvernement ;

DECRETE :

Article premier : Le présent décret a pour objet de faire basculer le mode de rémunération des agents de l'Ivotoerana Famongorana ny Valala eto Madagasikara (IFVM) de la grille salariale aux grilles indiciaires de la Fonction Publique instituées par le décret n° 79-364 du 22 décembre 1979 fixant les grilles indiciaires de traitement des corps de fonctionnaires.

Art.2 : Le personnel de droit privé recruté selon le code de Travail, conserve son ancienneté acquise sous le régime des grilles salariales, tant du point de vue de la solde que de l'avancement, dans le cadre et grade correspondants aux grilles indiciaires de traitement auxquels ils seront versés et en vertu du principe des droits acquis. La date de prise de service constitue le point de départ de ladite ancienneté.

Les agents fonctionnaires de l'IFVM restent soumis à leurs statuts particuliers ou au statut général des fonctionnaires selon le cas.

Art.3 : Tout le personnel du droit privé doit effectuer une validation des services précaires afin de régulariser leurs droits de pension.

Art.4 : Le basculement du mode de rémunération suivant les grilles indiciaires ne permet ni reconstitution fictive de carrière ni rappel de solde.

Art.5 : Toute révision ultérieure des grilles indiciaires de traitement des agents de l'Etat sera appliquée également aux agents de l'IFVM.

Art.6 : Toutes dispositions contraires à celles du présent décret sont et demeurent abrogées.

Art.7 : Le Ministre de l'Agriculture et de l'Elevage, le Ministre des Finances et du Budget, ainsi que le Ministre de la Fonction Publique, de la Réforme de l'Administration, du Travail, de l'Emploi et des Lois Sociales sont chargés chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera publié au Journal Officiel de la République de Madagascar.

Fait à Antananarivo, le 31 juillet 2018

Par Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement

NTSAY Christian

Le Ministre des Finances et du Budget

Le Ministre de l'Agriculture et de l'Elevage

ANDRIAMBOLOLONA Vonintsalama Sehenosoa

RANDRIARIMANANA Harison Edmond

Le Ministre de la Fonction Publique, de la Réforme
de l'Administration, du Travail, de l'Emploi et des
Lois Sociales

RAMAHOLIMASY Holder

**Pour ampliation conforme,
Antananarivo le,**

**LE SECRETAIRE GENERAL
DU GOUVERNEMENT**

RAZANADRINARISON Rondro Lucette



MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA

DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA- 2018-894

mikasika ny fanovàna ny fomba fandoavana ny karaman'ny mpiasan'ny Ivotoerana Famongorana ny Valala eto Madagasikara (IFVM) avy any amin'ny tabilaon'ny karama mankany amin'ny tabilaon'ny mari-karama

NY PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA,

- Araka ny Lalàmpanorenana ;
- Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 mikasika ireo lalàna momba ny fitantanam-bolam-panjakana ;
- Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2004-036 tamin'ny 01 oktobra 2004 mikasika ny fandaminana, ny anjara asa, ny fampandehanana sy ny paika ampiharina ao amin'ny Fitsarana Tampony sy ireo Fitsarana Telo mandrafitra azy ;
- Araka ny lalàna laharana faha-94-025 tamin'ny 17 novambra 1994 mikasika ny sata ankapobe mifehy ny mpiasa tsy ao anatin'ny efi-draharaham-panjakana ;
- Araka ny lalàna laharana faha-98-031 tamin'ny 20 jaoary 1998 amaritana ny antokon-draharaham-panjakana sy ny fitsipika ananganana ny sokajin'antokon-draharaham-panjakana;
- Araka ny lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana ny fehezandalàna momba ny asa;
- Araka ny lalàna laharana faha-2003-011 tamin'ny 03 septambra 2003 mifehy ny sata ankapobe ny mpiasam-panjakana;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-64-213 tamin'ny 27 mey 1964 mikasika ny fitsipiky ny fepetran'ny fampiasan'ireo vondron-draharaha sy orin-draharaham-panjakana ireo mpiasa izay fehezin'ny fitsipika ankapoben'ny asa ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-79-364 tamin'ny 22 desambra 1979 amerana ny tabilaon'ny mari-karaman'ny firaisan-draharahan'ny mpiasam-panjakana sy ny rijan-teny mifandraika aminy;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-99-335 tamin'ny 05 may 1999 mamaritra ny sata lasitry ny antokon-draharaham-panjakana eto amin'ny firenena ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2016-659 tamin'ny 07 jona 2016 mamaritra ny anjara raharahan'ny Minisitry ny Asam-panjakana, ny Fanavaozana ny Fitantanandraharaha, ny Asa sy ny Lalàna Sosialy, ary koa ny fandaminana ankapobe ny Minisiterany ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2017-064 tamin'ny 31 janoary 2017 ananganana sy andaminana ny « Ivotoerana Famongorana ny Valala eto Madagasikara » na IFVM ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2017-121 tamin'ny 21 febroary 2017 mamaritra ny anjara raharahan'ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ary koa ny fandaminana ankapobe ny Minisiterany ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2018-529 tamin'ny 04 jona 2018 anendrena ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2018-540 tamin'ny 11 jona 2018 anendrena ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2018-544 tamin'ny 14 jona 2018 mamaritra ny anjara raharahan'ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana, ary koa ny fandaminana ankapobe ny Minisiterany ;

Araka ny tolo-kevitra ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana;
Eo amin'ny Filan-kevitra ny Governemanta;

DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PANJAKANA MANARAKA IZAO:

Andininy voalohany: Ity didim-panjakana manaraka ity dia mifototra amin'ny fanovàna ny fomba fandoavana ny karaman'ny mpiasan'ny Ivotoerana Famongorana ny Valala eto Madagasikara (IFVM) avy any amin'ny tabilaon'ny karama mankany amin'ny tabilaon'ny mari-karaman'ny asam-panjakana natsangana tamin'ny alalan'ny didim-panjakana laharana faha-79-364 tamin'ny 22 desambra 1979 mamaritra ireo tabilaon'ny mari-karaman'ny firaisan-draharahan'ny mpiasam-panjakana.

And.2 : Ireo mpiasa izay nampidirina araka ny fehezan-dalàna mifehy ny asa, dia mitàna ny fahelana azony teo ambanin'ny lamin'ny tabilaon'ny karama, na momba ny karama izany na momba ny firosoana dingana, ao anatin'ny efi-draharaha sy laharana mifandraika amin'ireo tabilaon'ny mari-karama izay nandrotsahana azy ireo sy araka ny fepetran'ny « *droit acquis* ». Ny fahelana voalaza etsy ambony dia miatomboka amin'ny daty nidirana niasa. Ireo mpiasam-panjakana eo anivon'ny IFVM dia mijanona eo ambany fifehezan'ireo sata manokana na sata ankapoben'ny mpiasam-panjakana arakaraka ny zava-misy.

And.3 : Ireo mpiasa fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny isam-batan'olona dia tsy maintsy manao ny « *validation* » ireo « *services précaires* » mba ahafahana manarina ny zo hisitraka fisotroan-dronono izy ireo.

And.4: Ny fanovàna ny fomba fandoavan-karama araka ny tabilaon'ny mari-karama dia tsy ahafahana manao na ny « *reconstitution fictive de carrière* » na ny fanarenan-karama.

And.5: Ny fanitsiana rehetra aty aoriana izay atao amin'ny tabilaon'ny mari-karaman'ny mpiasam-panjakana dia mihatra ihany koa amin'ireo mpiasan'ny IFVM.

And.6: Foanana ary dia foana ireo fepetra rehetra teo aloha sy mifanohita amin'ity didim-panjakana manaraka ity

And.7 : Ny Minisitry ny Fambolena sy Fiompiana, ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ary ny Minisitry ny Asam-panjakana, ny Fanavaozana ny Fitantan-draharaham-panjakana, ny Asa sy ny Lalàna Sosialy no miandraikitra araka izay tandrify azy avy, ny fanatanterahana ity didim-panjakana manaraka ity izay ho avoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika an'ny Madagasikara

Natao teto Antananarivo, ny 31 jolay 2018